

20 MAY 2010.
Le 7 Sivan 5770.

Ny valin'ny fitiavan'Andriamanitra.

«Fa ahoana kosa no hevitrareo? Nisy lehilahy nanana zanaka roa lahy; dia nankeo amin'ny lahimatoa izy ka nanao hoe: Anaka, andeha miasa any amin'ny tanim-boaloboko anio. Fa namaly izy ka nanao hoe: Tsy handeha aho; nefa nony afaka izany, dia nanenina izy ka nandeha ihany. Dia nankeo amin'ny faralahy izy ka niteny toy izany koa. Ary izy namaly ka nanao hoe: Handeha aho, tompoko; kanjo tsy nandeha izy. Ka iza moa amin'izy mirahalaha no nanao ny sitrapon'ny rainy? Hoy izy: Ny lahimatoa. Dia hoy Jesosy tamin'ny: Lazaiko aminareo marina tokoa fa ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga efa mialoha anareo ho amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Fa Jaona nankany aminareo tamin'ny lalan'ny fahamarinana, nefa tsy nino azy ianareo; fa ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga no nino azy; fa ianareo kosa, na dia efa nahita izany aza, dia mbola tsy nanenina mba hinoanareo azy» (Matio 21: 28-31)

Tao amin'ilay toriteny tao an-tendrombohitra dia notsipihin'i Kristy fa "Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any andanitra." (Matio 7:21) Ny fahatsorana dia tsy mifototra eo amin'ny teny avoaka fa amin'ny alalan'ny asa atao. Kristy dia tsy nanontany hoe " *inona no lazainareo mihoatra?*" (jereo Matio 5:47) fa hoy izy " inona no ataonareo mihoatra " Misy heviny lalina ity fanambaràna ity " Raha fantatrareo izany, dia sambatra ianareo, raha manao izany. " (Jaona 13:17) Tsy misy vidiny ny teny ambara raha tsy mifanaraka amin'ny asa atao izany. Izany no lesona tsohaina avy amin'ilay fanoharana io.

Tao amin'ilay fanoharana, ilay zanaka niteny hoe : "*Handeha aho, tompoko*" dia mampiseho fahatokiana sy fankatoavana kanefa rehefa nandeha ny fotoana dia hita fa ivelambelany fotsiny izany. Tsy manana fitiavana ny rainy akory izy. Toy izany koa ireo fariseo, milaza fa tia fivavahana izy kanefa rehefa tonga ny oran'ny fitsapàna dia hita fa diso izany. Rehefa mifanaraka amin'ny tombotsoany dia nataony enjana izay tsy izy ny didy ary rehefa izy ireo no tokony tsy maintsy mitandrina io didy io dia manao izao fanazavana arahin-tsaindalina izao izy hiodinana ny fanambaràny lanitra. Hoy Kristy momba azy ireo: "koa amin'izany, izay rehetra lazainy dia ataovy ka tandremo; fa aza mba manao araka ny asany, satria miteny ihany izy, nefa tsy manao." Tsy hatosiky ny fitiavana marina an'Andriamanitra sy ny hafa izy ireo. Nantsoin'ny Tompo ho mpiara-miasa Aminy izy ireo hitondra fahasoaavana ho an'ny taranak'olombelona, ary dia mody mampiseho fanekena ny antsony kanjo mandà ny fankatoavana Azy.

Mametraka ny fitokisany amin'ny tenany manokana izy ary midera tena fa tsara fanahy, kanjo manitsakitsaka ny didin'Andriamanitra ary tsy manaiky hanatanteraka ny asa nankinina azy. Noho ny fandikan-dalàna dia nesorin'ny Tompo ny fankasitrahany ity firenena mafy hatoka ity.

Ny fanamarinana-tena dia hosoka eo antrehany tena fahamarinana ary izay mifikitra amin'izany dia hizaka ny vokany mampidi-doza. Olona marobe ankehitriny no miseho mitandrina ny lalan'ny lanitra nefa tsisy fitiavana an'Andriamanitra izay miparitaka ho an'ny hafa. Asain'i Kristy izy handray anjara amin'ny asa famonjena kanefa ampy azy ny mamaly fotsiny hoe: " Handeha aho Tompoko" kanefa amin'izany dia tsy manao fampiharana na inona na inona izy ary tsy mpiara-miasa amin'izay miasa marina ho an'ny Mpampianatra. Midonanam-poana izy mitovy amin'ilay zanaka tsy mahatoky izay manao fampanatenana poakaty ho an'ny rainy . Raha niditra manetriketrika ho mambran'ny fiangonana izy dia nanao fanekena fa hilefitra eo ambanin'ny Soratra Masina sy hanokan-tena hanompo azy kanjo tsy tazoniny akory izany. Raha eo ambava dia milaza izy fa zanak'Andriamanitra kanefa eo amin'ny toetrany sy ny fiainany dia mitsipaka izany. Tsy milefitra amin'ny sitrapony izy ary ny fiainany dia lainga.

Les *paraboles de Jésus* p. 238-239

